Maninona ny voay tsy mihinana olona intsony?

fampidirana

Mpanjaka	Rankizy malala! Salama tsara ve ianareo? *[miandry valiny avy amin´ny ankizy].* Efa hendry daholo ve ianareo *[miandry valiny avy amin´ny ankizy]*? Iza [miandry valiny avy amin´ny ankizy]? Raha samy hendry daholo ianareo dia manana tantara ho tantaraina aminareo. Ity tantara ity dia niainan´i Kotofetsy, ledoma namany indrindra ary i Soa kely. Rehefa nisy olana niseho teo amin´ny fanjakanantsika dia efa im-betsaka izy telo no nanampy ahy. Ito no tantaran´izy ireo farany izay antsoina hoe „Maninona ny olona no tsy hohanin´i voay intsony“. Vonona ve ianareo *[miandry valiny avy amin´ny ankizy]*? Raha izany andao hiantso an´i Kotofetsy! Miaraka: „Kotofetsiiiiiiiiiiiiiiiii!“. *[nosokafin´i mpanjaka ny lamban-tsehatra nefa i Kotofetsy mbola tsy mitranga. Miverina ny mpanjaka]* Avereno indray mandeha miantso an´i Kotofetsy rankizy ka ataovy mafy be! „Kotofetsiiiiiiiiiiiiiiiiiiiiiiiiiiiiii!

seho voalohany

ao an-tanànan' i Kotofetsy

Kotofetsy	*[miditra an-tsehatra]*: Manahoana rankizy o? Ao daholo ve? Mahafinaritra anareo ve hihaino ny tantaram-piainanay? Henoy ary anie ity tantara: ”Maninona ny olona no tsy hohanin´i voay intsony“. Vonona ve ianareo? Ledoma, andao hitantara io tantara io amin´ny ankizy! *[tsy mitranga i Ledoma fa misy maheno mihinana bonbon sy vatomamy an-ambadika]* Matoky aho fa ny mibahana ao an-tsainy dia ny mihinana ny zava-mamy ka tsy henony aho. Andao rankizy hiaraka hiantso azy mafy be isika *[miaraka]* Leeeeedooooooooma!!!
Ledoma	*[miaraka amin´ny vava bosesika]* Ha, maheno ny anarako va aho? Iza izao? *[miteny izy sady mihinana vatomamy]* Ah, manao ahoana i Kotofetsy namako. Manao ahoana ny sakaizako? *[mijery ny vatomamy izy]* Hmmmmm, ito, tena tsara.
Kotofetsy	Ledoma, tazanao ve i Soa? *[maheno-feon´olona miborosy nify avy an-ambadika]* Andao miaraka hiantso azy rankizy! Soooooooaaaaaaaaa!
Soa	*[miseho avy amin´ny sisin-tsehatra sady miborosy nify.]*. Manahoana rankizy o! Manaohoana Kotofetsy, manao ahoana i Ledoma. Nefa ianao Ledoma toa mihinana vatomamy foana *[mahtsiketsika ny lohany sy ny tanana fanaovana ´tsia´]*. Azo antoka fa ianao tsy mbola niborosy nify nandritra ny tontolo andro.
Ledoma	*[menamenatra satria tratra]* Mmmmmmmmmmmh, nefa……., nefa izaho dia efa niborosy ny voloko!!! *[faly izy satria nahita fialan-tsiny]*
Kotofetsy	Rehefa mihinana vatomamy foana sady tsy miborosy nify dia hisy „oli-manara“ ianao!
Ledoma	„baolina-mamy!“ Tahakan´ny vatomamy fahenoko izany? Angamba misy tsirona mananasy izany „baolina mamy“ izany, na tsirona letisy sa tsirona akondro? Oh! Mba te-hanana tsara izany „baolina mamy“ izany aho!
Kotofetsy	„oli-manara“ Ledoma fa tsy „baolina mamy!“ *[mitodika amin´ny ankizy izy]*: Tsia, tsia, naheno azy ve ianareo? Averin´i Ledoma fa vatomamy vaovao ny oli-manara. Afaka manazava aminy ve ianareo fa ny olo-manara dia areti-nify? Sahala amin´izao „Ny olo-manara dia areti-nify!” Andao, miaraka „Ny oli-manara dia areti-nify!“
Ledoma	*[sady variambariana mihinana]*.... ny baolina mamy dia marikivy !!! *[taitra amin´izay]* Ah, ny baolina mamy dia karazany vatomamy marikivy! Ohhhhhhhhhh, dia mety misy tsirona voasary mankirana na garana. Ohhhhhhh, ohhhhhhhhhhhhh...
Kotofetsy	Ledoma, raha ohatra mihinana siramamy be loatra ianao dia tratran´ny oli-manara.
Ledoma	Tsiaaaa! Tsy mihinana siramamy aho fa vatomamy sy sôkola fotsiny no hohaniko. Misy otrikaina ao anatiny sy ronono ka mampatanjaka *[tena mahatoky ny tenany izy sady miseho matanjaka be]*

Soa Ie, fa na dia izany aza manimba ny nify tokoa ny siramamy. Ny voankazo koa dia manimba ny nify raha tsy borosiana aorian'ny fihinanana azy. Ledoma, ianao ve efa nampiasa borosy nify?

Ledoma Eny, afaka mampiseho aminao aho *[noraisiny ny borosy teny amin´ny Soa ka ny kiraron´i Kotofetsy no nanombohany noborosiana. Saika mianjera i Kotofetsy ka mahery be fanaovan´i Ledoma izany]*

Kotofetsy Nefa....tsia! Tsia, Ledoma!

Soa

Soa Mifamadika izany.*[mitotika amin´ny ankizy]* Hitanareo ve rankizy ny zavatra nataon´i Ledoma teo amin´ilay borosy nify teo? Mety ve ny nataony?

Ledoma Ah...ie....fantratro, fantratro tsara ny fombafomba atao *[miakanaka*
...hihomehezako fotsiny.... *[dia manomboka miborosy ny volony]*

Kotofetsy Andraso anie! Ampisehoako anao ny fanaovan´azy *[mandray borosy nify izy]*

Ledoma An! An! Efa haiko ny fanaovana azy, fa izaho angaha heverin´ise vendrana

Kotofetsy *[nokapohiny tamin´ny borosy nify ny lohan´i Ledoma]* Tena vendrana be mihitsy!!!

Ledoma *[tezitra]*: Izaho lazain´Kotofetsy fa vendrana *[sady mamerina mikapoka an´i Kotofetsy]* mahita amiko ise an! *[mifampikapoka amin´ny borosy nify dia tena miady]*

Soa Ajanony, fa samy doma daholo ianareo roa lahy. *[mampisaraka azy ireo]* Tsy tokony hiady, mpinamana angeha ianareo e!

Kotofetsy Ledoma *[misaraka sady menatra]* Ie! Tena marina tokoa izany an´i Soa izany *[samy miala tsiny izy dia mifandray tanana]*

Soa Tsy natao fitaovana hiadiana anie ny borosy nify e, fa natao hiborosiana nify. Rehefa tsy miborosy nify isika dia mijanona ao am-bavantsika ao ilay mikraoba ary miditra any amin´ny nifin-tsika ka voan´ny oli-manara. Mbola heverin´i Ledoma fa vatomamy foana ilay oli-manara. Tadidinareo ve izany oli-manara izany rankizy? *[manontany amin´ny ankizy]*. Ie! Areti-nify izany ary rehefa tsy voatsabo dia mandavaka ny nify ka tsy maintsy hongotana avy eo.

Ledoma *[mihomehy an´i Kotofetsy]* Ha ha ha, lavaka any amin´ny nify hono! Ny ahy aloha amin´ny orona ihany no misy lavaka fa tsy any amin'ny nify e!

Kotofetsy Soa Eny e! Marina izany fa raha vao misy lavaka ny nify dia tsy maintsy hongotana amin'ny pince ngeza be!

Ledoma *[torak´hehy, mitodika amin´ny ankizy]* Ha ha ha henonareo izany : hongotana hono ny lavaka, miteniteny foana, nefa ny lavaka tsy azo hongotana fa totofona fotsiny.

Kotofetsy Soa Tsy ny lavaka anie no tsoahana fa ny nify mihintsy no esorina e!!!

Ledoma *[taitra be sady matahotra, notakomany amin´ny tanany ny vavany hiarovany ny nifiny]* Esorina ve ny nify???

Soa Aza matahotra Ledoma, fa matetika ny mpitsabo nify afaka manampy mba tsy anongotana ny nify. Andao, jerentsika any amin´ny mpitsabo nify raha misy oli-manara i Ledoma na tsia. Ny olona rehetra misy oli-manara manko dia mijery nify any amin´ny mpitsabo nify daholo! *[notantanan´i Soa i Ledoma]*

Kotofetsy Lazaiko bebe hoe andeha ho any amin´ny mpitsabo nify isika: „bebe o! Ho any amin´ny mpitsabo nify izaho sy Kotofetsy ary Ledoma e!

Bebe	*[feo avy an´ivelany fa tsy miseho izy]* Eny e! Nefa mitandrema amin´ny voay, fantratrareo tsara fa mihinana ankizy ny voay!
Kotofetsy	Ie…*[amin´ny ankizy]* Tokony hitandrina amin´ny voay tokoa isika. Rehefa mahita voay ianareo dia tokony hikiaka mafy be „voooooooaaaaaay“. Amin´izay mba hafaka hamonjy anao ny olona. Andao anie andramantsika aloha e: Ahoana no atao rehefa mahita voay ianareo?Dia aza adino ny mampitandrina anay raha mahita voay ianareo!
	[eny an-dalana i Kotofetsy, Ledoma ary i Soa. An aoriana dia mandalo ny voay manenjika ny alika; mikiaka „voay“ ny ankizy mba mampitandrina izy telo; i Ledoma sy Soa dia matahotra dia matazona an'i Kotofetsy]
Kotofetsy	Aiza akory izany voay izany? Rehefa mahita voay ihany anie ianareo vao tokony hihoraka ohatran'izany. *[manohy ny lalany ihany; miditra ny alika]*
Alika	Vonjeo, vonjeo, mitady hamono ahy izy. Tena matahotra aho. Laniny aho fa afeno. *[miafina an'aorian' ny ankizy izy]*
Kotofetsy	Iza no mitady hamono anao?
Alika	Ny voaaay! *[sady matahotra]*
voay	*[manantona moramora avy aoriana ilay voay]*
Kotofetsy	Tsy mahita izany voay izany aho *[mitodika amin'ny ankizy]* Aiza ianareo no mahita an'izany voay izany rankizy? *[Ny ankizy dia mihiakiaka „Io, ery,…“]* Tsia, tsy mahita izany mihitsy aho na iray aza
Soa	Milamina ianao ry alika fa tsy misy izany voay izany eo.
Alika	Tena mitady hamono ahy mihitsy ny voay, mitady handrapaka ahy amin'ny vava beny *[manao hetsika amin'ny tanany manazava ny habean'ny vavany ny voay]* Sady ny nifiny dia tena maranitra be ohatran'ny antsy. Izaho izany matahotra be ka aleo hiala eto
Ledoma	Kotofetsy, ny voay!!! Vonjeo e! *[manantona ny voay nefa mitsaoka mandositra ny ankizy; I Soa koa dia mandositra nefa mijanona kely]*
voay	*[mitomany]* Aza mandositra ianareo rankizy, izaho tsy hihinana anareo velively! Mijanona, mijanona!
Soa	Fa… toa mitomany *[manantona moramora i Soa sady mibitsibitsika amin'ireo ankizy mpijery hoe]* mitomany izy *[eo akaikin'ilay voay izy amin'izay]* Fa maninona ianao ry voay? *[Kotofetsy sy Ledoma dia miverina nefa mijanona tery lavidavitra]*
voay	Jereo ny nifiko *[manokatra ny vavany izy; mihataka kely i Soa]* Tsy afaka mihinana mihitsy aho satria ny nifiko dia tena marary! Hitanao …?
Soa	Tsy mahita aho!
voay	Mandroso ianao dia afaka mijery tsara ka tena misy marary be ao anatin'ny vavako *[manokatra ny vavany]* jereo tsara ihany
Kotofetsy Ledoma	Tandremo Soa fa fandrika io!
voay	Tsy laingako izany fa tena marina, misy marary be mihitsy. Aza matahotra!
Soa	*[mijery ao anatin'ny vavan' ilay voay nefa mitandrina be]* Arghhhh…….. maimbo be izany vavanao izany. Tsy mahagaga raha tsy manana namana ianao noho izany fofona ratsy be izany! Tena ratsy tokoa ny nifinao. *[Mitodika amin'ny ankizy]* hitanareo ve? Mainty be mihitsy ny nifiny… *[mitodika amin'ny voay indray]* Mahafantatra olona afaka manampy an'i se. Andao. Afaka miaraka aminay ianao.

Seho faharoa

[ao antranon'ny mpitsabo nify]
[mahita ny mpitsabo;misy borosy nify ao am- paosiny; Kotofetsy sy Ledoma no miditra an-tsehatra fa I Soa sy ny voay kosa mijanona ao ambadika]

Dokotera	Ah, manahoana rankizy. Miverina sahady i Kotofetsy nefa ny nifinao tsara foana. Manahoana……Ledoma. Efa im-betsaka i Kotofetsy no nitantara tamiko ny momba anao nefa mbola tsy taty hatramin' izao.
Ledoma	*[Misisika eo alohan' ny Mpitsabo izy]* Manahoana tompoko? Tena faly be aho mahita anao. Kotofetsy niteny hoe aty aminao hono betsaka "baolina mamy". Afaka manome ahy izany ve ianao?I ndrindra fa ny "baolina mamy markivy" *[falifaly izy]*
Dokotera	Ah, ohatry ny tsy mazava amiko izany …"baolina mamy" izany? *[nisafo-ny lohany izy no-sady nikasika ny saokany]*
Kotofetsy	Tsia Ledoma a…… *[mitodika amin'ny ankizy]* Ny heritreriny dia "baolina mamy " izany "oli-manara" izany izay zaraina any amin'ny mpitsabo.
Dokotera	Ahoana ny eritreritrao Ledoma??? *[amin'ny ankizy]* Nefa izaho rankizy matoky fa ianareo mahafantatra fa ny "oli-manara dia areti-nify". Afaka manazava izany amin'I Ledoma ve ianareo? Miaraka ka ataovy mafy tsara! "Ny oli-manara dia areti-nify"
Ledoma	*[kivy]* Tsisy vatomamy kay aty amin'ny mpitsabo. Oh…dia inona moa izany no ataoko eto…Izay rehetra aleha tsy misy na vatomamy iray aza. Andao hody…
Dokotera	Nefa kosa aho manana zavatra raha tianao. Misy tsirona solila *[=menthe]*. Te-hanandrana ve ianao? *[Nomeny fantrona kely fandiova-nify izy]*. Ito raiso…
Ledoma	Oh, izao rehetra izao dia ahy irery! Izao dia izao dia hanandrana! Miaraka amin'ny tsirona solila *[menthe]*….mmmmmh, tsara be izany!!!
Kotofetsy	Ary tsy maintsy izany isan'andro.
Ledoma	*[faly dia faly]* Afaka mihinana isan'andro aho ve? Ha, mahafinaritra izany!!! *[amin'ny ankizy]* Rankizy, efa naheno izany koba fanadiovan-nify izany ve ianareo? Te hanandrana ve ianareo? Tsara noho ny "baolina mamy".
Soa	*[mandroso miaraka amin'ilay voay]* Manahoana tompoko!
voay	*[ny voay dia manokatra ny vavany]* Marary io!

Kotofetsy

Soa Beurkhhh…. Maimbo be izany!

mpitsabo

Ledoma	*[matahotra]* Ah, ireo nify ireo
Soa	Tsia, Ledoma.Tsy afaka mihinana intsony ny voay satria ny nifiny dia tena marary be.
Dokotera	*[tena matotra]* Mazava ho azy fa mandositra anao ny rehetrarehetra amin'izany fofona ratsy be ao ambavanao izany. Nefa, na izany aza tsy maintsy jerena… Ao, sokafy ny vavanao… *[manokatra ny vavany ny voay ary manao fanamariana miaraka amin'ny fihetsika mampihome, sady tena mitsofoka ao anatin'ny vavan'ilay voay ny lohany]* Ah…tena loaka be….sady misy zavatra ao anatiny…. Oh….. mbola misy taolana tavela eo…… akanjo…. kiraro ….sns
voay	*[mitaraindraina]* ah….oh….
Dokotera	Izay no izy… nefa mbola tsy tena vita….*[mandray fiataovana izy dia mitoy ny fitsaboana]* …. Tena voan'ny oli-manara ianao ry voay. Ao am-bavantsika mantsy dia misy mikraoba kely izay mihinana ny potin-tsakafo mijanona ao am-bava na miraikitra eny amin'ny nify.

Ledoma	Ahoana izany? Tena tsy tiako hisy hitsofoka ao am-bavako fa mangalatra ny sakafo matsiroko fotsiny.
Soa	Sakafo miraikitra amin' ny nify izany hohanin'ny mikraoba izany sady biby tsy hita maso ange izany mikraoba izany e!
Dokotera	Tena marina mihitsy izany ary malaky mitombo ireo mikraoba noho izy mihinana ireny potin-tsakafo ireny. Ary ny sakafo tena tiany dia ny siramamy.
Ledoma	Mitovy amiko kay ry zareo. Izaho koa dia tena tia siramamy. Inona moa no maha ratsy izany?
Kotofetsy	*[amin'ny ankizy]* Mbola tsy mazava amin'i Ledoma rankizy fa ny fifangaron'ny mikraoba sy ny siramamy dia tena manimba ny nify tokoa.
Soa	*[amin'ny ankizy]* Mazava aminareo ve izany rankizy? Raha tsy manala ny tai-nify dia mety manimba ny nifintsika. Izay no antony tsy maintsy hiborosiana ny nify isaky ny avy misakafo isika.
Dokotera	Ary tsy azo ampidirina any ambava ny zavatra efa tany ambavan'olo-kafa satria mifindra amin' ny rora ny aretina.
Ledoma	Dia tsy mahazo manandrana ny vatomamin'I Kotofetsy intsony ve zaho?
Dokotera	*[mandaha amin'ny fomban'ny mihetsiketsika loha]* Tsia! Tena loza be izany satria ny mikraoban'i Kotofetsy dia mifindra ao am-bavanao.
voay	Olona nivonto nify be no nohaniko farany ka mety izany no nankarary ny nifiko.
Dokotera	Ho tratran'ny oli-manara ianao raha tsy miborosy nify isaky ny avy mihinana. Hitantsika tsara izany tamin'ny zavatra nahazo an-dravoay.
Ledoma	*[tezitra]* Ratsy loha kosa ireny mikraoba ireny. Mihinana ny sakafoko izy dia tsy mahalala misaotra nefa mbola mamotika ny nifiko ihany. Hifampitady aminy aho! *[manangana totohondry]*
Dokotera	Resinao ireny raha miborosy nisy foana avy misakafo ianao. Jereo tsara ny anaovako azy amin'ny vavan'ny voay. Manomboka eo amin'ny tampo-nify *[miborosy nify]*, avy eo mitodika any ivelany. Ny borosy nify dia ahodikodina foana ary aza adino ny mankao anatiny ary borosiana moramora tsara.
Soa	Marina mihitsy izany satria manimba nify ny zavatra mafy sy ny tsy fiborosiana azy aorian'ny sakafo.
Ledoma	Haiko izany [misisika mankao am-bavan'ny voay ary manomboka miborosy nefa diso no ataony] Ataoko mafy be mba madio tsara io *[mitaraina ny voay]*
Kotofetsy	Moramora i Ledoma fa tsy ohatr'izay *[amin'ny ankizy]* Iza aminareo no mba afaka manazava amin'i Ledoma *[miantso ankizy anankiray]* Avia i …… Mampianatra an'I Ledoma ny fanaovan'azy.
Dokotera	Ary aza mitsako vatomamy ianao ry Ledoma fa manimba nify ireny. Ary sivanina tsara foana ny vary mba hiala ny vatokely. Ianao kosa ry voay aza mikepoka taolana intsony fa tsy zakan'ny nifinao ireny.
voay	Eny e! Tena mamparary tokoa ny mitsako taolana.
Ledoma	Ary izaho ve tsy mahazo mihinana zava-mamy intsony?
Dokotera	Mahazo mihinana indraindray fa tonga dia miborosy nify an'aoriana.
Ledoma	Ieeeee! Sady amin'izay dia mahazo amin' io koba fanadiovana nify matsiro be io *[asehon'ny dentifrice]*,mba misy ataoko dessert foana manombok'izao.
Soa	Tsy azo hohanina io fa fanadiovana nify fotsiny. Mazava aminareo ve izany rankizy…? Tsara izany. Mino aho fa tsy hisy harary nify intsony.
Dokotera	Izay mihitsy! *[mitodika amin'ny voay]* Ary ianao ry voay dia tena tsara vintana, fa raha tsy vaotsabo teo dia voatery nongotana daholo ny nifinao rehetra.
voay	Ieeeeeee! Noheveriko fa tsy hisy hanampy mihitsy aho. Nandositra sy nikiakiaka daholo ny olona rehetra nahita ny vavako. Nefa ianareo moa dia tena tsara fanahy mihitsy na dia maimbo be aza ny vavako…. Tsy nampoiziko

	hoe misy olombelona tsara fanahy ohatr'izany. Misaotra betsaka anareo, fa tena faly be aho… Misaotra Soa, Misaotra Dokotera, Misaotra Kotofetsy, Misaotra Ledoma…
Dokotera	*[manolotra borosy nify ho an'ny voay]* Ity ny borosy nifinao ry voay. Ary jerenao tsara anie fa raha tsy mihinana olona intsony ianao sy tsy maimbo vava koa dia hahita namana vaovao be dia be. Fa amin'ny herinandro aloha dia tokony hiverina aty ianao hanaovana fanamarinana. Mba tsy hampanoana anareo eny an-dalana dia omeko karaoty matsiro hohanina no sady manatsara nify ianareo.
daholo	Misaotra betsaka Tompoko.
voay	Ie! Hiverina amin'ny herinandro aho *[mihinana amin'ny karaoty]* Hmmm.. tsara be ity zavamaniry ity…mbola tsara noho ny tsiron'olona mihitsy! Tena omeko antoka ianareo fa tsy hihnana olona intsony!
Kotofetsy	Efa nahazo anao ho namana izahay ka tsy matahotra anao intsony. Sa ahoana rankizy ô? Sady efa nianatra be dia be momba ny nify isika, rankizy ? Dia aza manadino ny miborosy nify intsony aorian' ny sakafo rehetra!!! Amin'ny manaraka indray e!

[Mihofahofa tanana daholo]

tapitra